


# TORITENY – ALAHADY II KAREMY TAONA D

## Karemy 2016 - herinandro 2

Ariantsika ny ratsy rehetra.....  
Mivonona hiakatra an-tendrombohitra  
miaraka amin'i Kristy ary hivavaka



A  
D  
NY FIA Y NANTSIIKA  
S  
A  
D  
Y  
D  
I  
A



Hahita ny famirapiratany tavan'i Kristy  
Dia ny endrika maha Andriamanitra azy  
Miova ny fontsika ka tafaverina ny  
Endrika maha-zanak'Andriamanitra atsika

*Ry Mpampianatra ô, mahafinaritra ny mitoetra aty, ka andeha hanangana lay telo eto, ny iray ho Anao, ny iray ho an'i Môizy, ary ny iray ho an'i Elia"*

Ry Kristianina havana, raha tamin'ny Alahady lasa teo nasongadintsika fa tsy maintsy Ady sy Dia ny fainantsika fa indrindra moa amin'izao karemy izao. Nibanjina manokana ireo fakam-panahy nahazo an'i Jesoa tany an'efitra isika izay fakam-panahy fototra amin'ny fainantsika dia tsy inona izany fa ny kibo no zary Andriamanitra ka lasa fitiavan-tena no manjaka ary dia manapotika ny hafa isika. Ny fikatsahana fahefana no mikiky ny fainantsika ka herisetra no manjaka; ka noho ny fialonana dia manjary manapotika ny hafa noho izay fikatsahana fahefana izay.

Noho ny fitadiavana voninahitra izay ao anaty fontsika ao dia manapotika ny fainantsika andavanandro isika ka mahatonga an'ireny avonavona sy fialonana ireny izay maha-very fanahy mbola velona atsika.

**Vakiteny I :** Jen. 15, 5-12. 17-18  
**Tononkira :** Sal. 26  
**Vakiteny II :** Fil. 3, 17 — 4,  
**1Evanjely :** Lk. 9, 28b-36

masina ny famindrampo sy amin'izao karemy izao.

**Ny fandraisana ny teniny, ny fanetren-tena ary ny fikatsahana mandrakariva ny voninahiny no làlana handresentsika an'izany fakam-panahy izany.** Tsy maintsy mibebaka isika fa indrindra amin'izao taona

**Marina ary fa Ady sady Dia ny fiaianana ka indro ary fa amin'izao Alahady faharoa ny karemy izao, asain'ny Eglisy isika hibanjina sahady ny miandry antsika raha miaraka amin'i Jesoa tokoa isika, raha vonona hiatrika ny ady amin'ny fakam-panahy, raha vonona hamakivaky an'ity fiaianana ity isika ka miara-dia amin'i Jesoa. Ambaran'ny vakiteny androany izao ny miandry atsika amin'ny Paka, ny Paka moa fandalovana izany hoe miala amin'ny fiaianana tsy mety teo aloha dia ny fakam-panahy ka miditra amin'ny fiaianam-baovao.**

Voalaza amin'ny Evanjely anio (*Lk. 9, 28b-36*) ny fiovan'i Jesoa tarehy tany an-tendrombohitra. Tsy hoe tarehy "sôra" araka ny fahaizantsika andavan'andro no ambaran'ny Evanjely io fa ilay endrik'Andriamanitra raha nahary antsika izy araka ny hitantsika ao amin'ny bokin'ny Jenezy : "nahary atsika hitovy endrika aminy Andriamanitra". Io endrik'Andriamanitra io no ambaran'ny fiovan-tarehy ao amin'ny Evanjely ka nanaitra an'ireo mpianatra telo lahy izay niaraka tamin'I Jesoa niakatra tany an-tendrombohitra. Manambara zavatra lalina ihany koa izany fiakarana any an-tendrombohitra izany. Miakatra isika araka ny voalazantsika tamin'ny Alahady lasa voalohan'ny karemy teo : mitsangana, mijoro isika vokatry ny fiovana manara-penitra mahery vaika, vokatry ny fontsika diovin'Andriamanitra amin'izao karemy fa indrindra amin'izao taona masina famindrampo izao.

Fon'Andriamanitra no ao amintsika dia mijoro isika. Izay ihany koa no voalaza ao amin'ny Evanjely, niakatra nitondra an'i Piera sy Jakoba ary Joany i Jesoa mba hivavaka. Izay ihany koa no ataontsika amin'izao karemy izao, amin'izao taona masina famindrampo izao : miakatra aty amin'ny katedraly isika, mandalo amin'ilay varavarana masina ka miditra ao amin'ny katedraly, dia miova ny fontsika. Izay no mahatonga atsika hanao ny pelerinajy, ka miakatra aty amin'ny katedraly ary dia mivavaka, araka ny voalaza ao amin'ny Evanjely : miara-mivavaka izy ireo, izay ihany koa no ataontsika.

Raha tanteraka izay dia ho hitantsika tsara fa miova ny fontsika, "izaho efa Kristianina dia miova tsara ny foko " araka ny hirantsika; miverina amin'ny endrika maha-zanak'Andriamanitra atsika isika raha miova ny fontsika. Niova ny sôran'I Jesoa ary nahafinaritra an'i Piera izany. Niatrika an'izay fiaianana izay izy mba ho taratry ny fiaianana tsy maintsy iainantsika koa amin'ny maha-Kristianina atsika satria antenantsika noho ny ezaka ataontsika amin'ny karemy ny fiovana tarehy ka hiverenantsika amin'ny endrika maha-zanak'Andriamanitra atsika. Ampianarin'i Md Paoly isika amin'ny vakiteny faharoa (*Fil. 3, 17 - 4*) mba hizotra tokoa amin'izany fiovana izany : "Andriamanitra hampitovy endrikantsika amin'ny endrik'Andriamanitra".

Enga anie izay ezaka ataontsika rehetra amin'izao taona masina ny famindrampo izao, izay pelerinajy ataontsika ka hirosoantsika lalindalina kokoa amin'ny fiaianana maha-kristianina atsika ary izay rehetra ataontsika mba hiombananantsika bebe kokoa amin'Andriamanitra, ho tanteraka amintsika tokoa izay voalaza ao amin'ny bokin'i Jenezy, vakiteny voalohany : Andriamanitra hanao fanekem-pihavanana amintsika ka ho vahoakany tokoa isika ary ho fiaianam-baovao ny fiaianantsika eo anivon'ny fiaraha-monina misy antsika.

Ry Kristianina havana, enga anie amin'izao karemy izao, mba hiova tokoa ny fontsika.

Ry Jesoa Tompo ô, ampio izahay mba hiroso lalindalina kokoa, vonona hiakatra any an-tendrombohitra, hivavaka dia havaozinao ny fonay. Ampianaro izahay hazoto hikatsaka anao mandrakariva ka hanatontosa ny sitrakao ka amin'izay hivelona bebe kokoa ny maha-zanak'Andriamanitra anay. Amen